# 365Tantara 78.Ny Baibolin'i Mary Jones



# 78. Ny Baibolin'i Mary Jones

Tamin'ny taona 1794, tany "Pays de Galles"
Nisy ankizivavy folo taona iray, Mary Jones no anarany nipetraka niaraka tamin'ny ray aman-dreniny akaikin'ny vohitra kely iray izy.
Miangona isan-kerinandro ao amin'ny fiangonana eo an-tanàna i Mary sy ny ray aman-dreniny mba hiderany an'Andriamanitra.
Maniry mafy hamaky Baiboly izy ka nentiny am-bavaka: Tompo o... miangavy Anao aho, ampio aho hahay hamaky teny!



Indray andro, naheno zareo fa hisy sekoly hisokatra ao amin'ny tanàna akaikiny.

Tena vaovao mahafaly! Isan-andro, nifoha maraina Mary, mandeha an-tongotra ny 6km misy ilay sekoly.



Ary tonga ihany ilay fotoana hampamakian'ny mpampianatra azy ny Baiboly.

Tamin'izay no nieritreretany ny hividy ny Baiboliny manokana.

Lafo vidy ny Baiboly, fantany fa mila manangona izy.

Mandra-piandry, dia asain'i Ramatoa Evans tonga any aminy mamaky ny Baiboliny izy.

Ary dia isaky ny sabotsy tolakandro, rehefa avy manampy ny reniny manao raharaha dia lasa am-pifaliana mankany amin'i Ramatoa Evans i Mary, hamaky Baiboly.

Manao izay asa rehetra azony atao izyahazoany vola hividianana ilay Baiboliny.



Manjaitra ba kiraro, mamboly legioma ka mivarotra izany. Miompy sy mivarotra tantely. Nomen'i Ramatoa Evans akoho vitsivitsy mihintsy izy ary varotany ny atody. Manampy ireo mpamboly koa izy mioty ny vokatra. Niasa mafy i Mary ary nanangona vola nandritra ny 6 taona. Indray andro, tratrany ny vola ilaina! Nankany amin'ny Pasiterany izy ary nolazainy fa ao amin'ny tanàna akaiky any Bala, Atoa Charles dia afaka mivarotra iray! any Bala, Atoa Charles dia afaka mivarotra iray! Tsy kivy Mary .Nandeha faingana tany an-tranony hitantara amin'ny ray aman-dreniny ary tsy niandry fa tonga dia niainga. Mampatahotra izany lalana izany. Misy mpangalatra miandry ny mpandeha eny an-dàlana. Niaikina tamin'Andriamanitra i Mary ary nivavaka mba harovany. Nandeha indray andro izy ary ny hariva dia tonga tany Bala...



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Natory tany amin'ny namany izy alohan'ny handehanany any amin'Atoa Charles ny ampitso maraina.

Nifoha maraina izy ary nibitabitaka ny fony nandeha nankany amin'Atoa Charles, nandondona ny varavarana.. Rehefa nilaza taminy ny anarany, dia notantarain'i Mary azy ny tantarany, ny niasany mafy nandritra ny 6 taona hanangonana vola hividianana Baiboly. Maniry hanampy azy Atoa Charles anefa tsy afaka nanao n'inon'inona. Efa lafony daholo ny Baiboly tao aminy afa-tsy iray izay efa nampanantenainy ny namany. Kivy tanteraka Mary ka ny niafarany dia nitomany. Nitsiky taminy Atoa Charles. Hay moa misy Baiboly teny anglisy ato amiko, ary ilay namany kay mahay mamaky teny anglisy koa novarotany tamin'i Mary ilay baiboly teny galloise

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Feno hafaliana Mary ary nisaotra an'Atoa Charles.

Namihina mafy ilay Baiboly teny an-tanany dia niverina hody tany an-tananany izy. Nahazo Baiboly izay azy ihany i Mary! Hatreo dia namaky Baiboly isan'andro i Mary araka ny nitomboany no nitiavany an'Andriamanitra sy ny Teniny. Nalahelo Atoa Charles fa maro ireo olona toa an'i Mary no tsy afaka mividy Baiboly na dia manangona taona maro aza... Ny Baiboly tamin'izany dia tena vitsy... Nanamarika ny fon'Atoa Charles iny tranga iny Ary 4 taona taty aoriana, nanazava tany Londres ny momban'ireo gallois izy nanazava ny filan'izy ireo Baiboly tamin'ny teny tsara lahatra, ka niteny ny Reverend Thomas Hugues hoe:



"Mila manorina orinasa mba hamaliana izany filana izany!

Kanefa, raha hanao ho an'i pays de Galles isika, Nahoana no tsy hanao ho an'i Grande-Bretagne koa?

Ary maninona raha ho an'izao tontolo,izao mihintsy?

Koa dia noforonina ny "Société biblique britanique et étrangère"

Ka ny boky voalohany dia ny Evanjelin'i Jaona natonta tamin'ny fitenin'ny Indiana Mohawk any Amerika avaratra.

Ankehitriny, ny Sociétés bibliques dia miasa anivon'ny 180 firenena eran-tany mba ahafahan'ny olona tahaka an'i Mary Jones hividy mora ny Baiboly amin'ny fiteniny!